Mitsoka ny rivo-panovana 3

# Niova fo ny SEFAFI

Tononkira

**TAOMBAOVAON'NY TAFASARAKA**

Mpihira : Fanjandranomasina 4


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 7 janoary 2021 Laharana 1111 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**« Inspection du travail »** 2

**Tsy hita popoka ny 4 miliara Ar an'izy ireo, mitohy ny fitokonany**

ENS Ampefiloha 6 8

# Nirefotra ny lakrimôzena

## nisy rà latsaka sy mpianatra voasambotra





Filoha Rajoelina 2

# Mpanongam-panjakana miana-kendry



Trafikana volamena 73,5kg 7

# Fantatra ny anaran'ireo nanondrana an-tsokosoko



**Depiote Me Hanitra R.** 2

**Herisetra hatrany ny valin'ny fitakiana eto**

**Asaramanitry ny AREMA** 3

**Tsy nanadino ny Amiraly Ratsiraka, ny mpitantana**

**Daka kely**

Toa mangina ialahy amin'ity resaka ngenjy be ty ry Boaikely a!

DEPIOTE ME HANITRA R.

# Herisetra hatrany ny valin'ny fitakiana eto

Marobe ny olom-pirenena no naneho ny heviny mikasika ny herisetra nataon'ny mpitandro filaminana, nandritra ny grevin'ny mpianatra tao amin'ny ENS Ampefiloha omaly. Isan' izany ny solombavabahoaka voafidy tao amin'ny boriborintany voalohany, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Me Henitra Razafimanantsoa. Nanambara ity farany, fa herisetra foana ve hoy izy no setrin'ny fitakiana sy fanehoan-kevitra eto amintsika ? Nirefotra teny Ampefiloha hoy izy omaly tamin'ny 11 ora, ny "lacrymogène" voalohany ho an'ny taona 2021. Amin' ny alatsinainy izao hoy ity depiote ity no hivoaka ny lisitry ny ho raisina ho mpiasan'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, saingy tsy misy mpianatra mpampianatr ny ENS ao anatiny araky ny fanazavan'ireto mpianatra ireto. Nitaky ny hampidirana azy ireo ho mpiasam-panjakana avy hatrany ireo mpianatra ao amin'ny ENS Ampefiloha raha vao vita ny fianarany. Koa mipetraka ny fanontaniana eto hoy ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa , omena an'iza izany ireo poste budgétaire ao amin'ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena? Maninona no tsy omena ny sahaza azy dia ireo tena nandalina momba ny fampianarana eto Madagasikara ireto?



*Ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa.*

**Helisoa**

Filoha Rajoelina

# Mpanongam-panjakana miana-kendry

Mpanongam-panjakana miana-kendry ny filoha Rajoelina, raha ny zavanitranga teny amin'ny Lapan'i Mavoloha, nandritra ny fiarahaban'ireo andrimpanjakana azy mivady, nandritra ny fiarahaban'ny HCC sy ny CENI azy ireo. Nanambara nandritra izany ity filoha mpanongam-panjakana ity, fa tsy mitondra fandrosoana ny fanonganam-panjakana. "Raha tiantsika handroso ny firenena dia zava-dehibe ny fifandimbiasam-pahefana ara-demokratika satria mampiorina ary mitondra mankany amin'ny fampandrosoana andrandrain'ny vahoaka. Raha tiana handroso ary ho tratrarina ho isan'ny firenena mandroso indrindra isika, dia mila tazonina izay fifandimbiasam-pahefana amin'ny alalan'ny fifidianana izay. Zavatra iray no ampiataiko, dia ny hoe raha tiana ho tratra ny fampandrosoana tiana hapetraka, raha tiana ho tratra ny PIB tombanana ho tokony hihoatra ny 4000 na 5000 dolara amerikana isan'olom-pirenena dia tsy maintsy mipetraka ary tsy maintsy hapetraka ny fifandimbiasam-pahefana amin'ny fifidianana. Vao tsy tratra izany ao anatin'ny fifidianana 4 mifanesy ho avy, dia sarotra ho antsika ny hanatratra ny fiakaran'ny harin-karena sy hampivoaka an'i Madagasikara ho sangany aty Afrika", hoy izy. Marina ny teniny satria fanonganam-panjakana nataony sy ny forongony tamin'ny taona 2009 no mampikorosy fahana ny firenena hatramin'izao. Mitana ny rambony erantany isika amin'izao fotoana vokatry ny tarazon' ny fanonganam-panjakanan-dRajoelina, sy ny tsy fahaizan'izy ireo mitantana. Fanonganam-panjakana no nataony tamin'ny 2009, satria mbola tsy adinony ary nofy ratsy ho azy izany mankany New-York misy ny foiben-toeran'ny Firenena Mikambana izany, satria nambaran'ny rehetra tany tamin'izay fotoana izay izy, fa filoha "sans qualité". Isika rehetra no samy mandika io fiteny Frantsay kely io dia samy hahatsapa fa izay no mampihitsoka ny firenena amin'izao fotoana.



*Ny sasany tamin'ireo mpanongam-panjkana tamin'ny taona 2009, notrihan'i Andry Rajoelina.*

**Ny Valosoa**

« Inspection du travail »

# Tsy hita popoka ny 4 miliara Ar an'izy ireo, mitohy ny fitokonany

Tsy hita popoka hatramin'izao ny vola mitentina 4 miliara Ar an'ireo "Inspecteur du travail et emploi", na ireo mpisafo raharaha amin'ny asampanjakana sy ny asa. Noho izay antony izay no anisan'ny itokonan'izy ireo hatramin'izao. Olana tsy mbola ahitam-bahaolana hatramin'izao ity olan'ireo mpisafo raharaha ity. Rah any zava-misy, nanomboka ny volana novambra 2020 no nanomboka ny fitokonana, ary nambarany fa tsy hijanona izany gravy izany raha tsy azony io anjara volan'izy ireo io, sy ny fitakiana hafa dia ny fitakiana ny "régime particulier", na sata manokana. Efa nanomboka tamin'ny taona 2004 no nanombohan'ny fangatahana ary ny 2011 no navoakan'ny OIT ny didim-panjakana fampiharana izany. Ny taona 2015 no nanomboka ny fitokonana ho fampiharana io lalàna io, kanefa hatramin'izao mbola tsy misy tohiny ny fangatahana. Ao anatin'io sata manokana io, ny traitement salariale na ny mahakasika ny resaka karama, code de déontologie na ny fitsipika mifehy ny asa, ny hauts emplois de l'État na ny maha ao anatin'ny mpiasam-panjakana sy mpiasa ambony azy ireo, ary ny resaka sazy ho an'ireto mpisafo raharaha ireto na ny sanction pour les inspecteurs de travail et emploi. Ankoatra izany, araka ny voalaza teo, nisy nanodinkodina ny volan'ireto mpiasa ao amin'ny Inspection de travail ireto, izay mitentina 4 miliara Ariary, tsy fantatra hatramin'izao ny nanodinkodina izany volabe izany. Tsy hita popoka nanomboka ny tao-na 2015, ary efa nivoaka tamin'ny LFI, na ny tetibolam-panjakana tamin'ny taona 2020, kanefa mbola tsy nivoaka hatramin'izao.
Efa nametraka fitoriana eny amin'ny PAC sy ny Bianco, ary ny BIT, ka hatrany amin'ny OIT izy ireo momba izany. Miandry ny tohiny izy ireo hatramin' izao, ka manohy ny fitokonany izao.




*Ny fitokonana ao amin'ny "Inspection du travail et emploi".*

**Stefa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

# Tsy ho zakan'ny maro raha sanatria mbola hisy ny fihibohana

Tapitra teo aloha ny fety samy hafa niandrasana ny taona vaovao, na izany aza mbola mitohy amin'ity volana janoary manontolo ity ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitra, ho an'ireo mbola tsy nahatontosa izany tamin'ny faran'ny herinandron'ny voalohan'ny taona, ny herinandro teo. Efa niverina namonjy ny asa aman-draharaha ny rehetra nanomboka ny alatsinainy teo, ny mpiasa niverina niasa, ny mpianatra niverina any an-tsekoly. Na nilaza aza ny filoha Andry Rajoelina, fa ho taonan'ny fampandrosoana, taonan'ny fanaovana foto-drafitrasa goavana ity taona ity, raha ny fandinihana azy, mety mbola hananosarotra ihany ity taona 2021 ity satria tsy vitsy ireo orinasa nikatona, tsy vitsy ireo very asa noho izany. Kely, na tsy nisy mihitsy ny fanampiana ny sehatra tsy miankina teto amin'ny firenena tamin'ny taon-dasa, noho izany, mbola ho sahirana izy ireo hiarin-doha, ka tsy mbola tena ho afaka hamorona asa, na hamerina ny asa very tamin'ny taona 2020. Ankilan'izany, mbola mitoetra eto amintsika ny valanaretina coronavirus, na nilaza aza ny ministry ny fahasalamana fa voafehy izany. Iarahamahalala fa mirongatra indray izany amin'izao fotoana any Eropa sy any Etazonia, mety hipaka hatraty Afrika sy Madagasikara indray izany atsy ho atsy, indrindra amin'ny fidirana amin'ny vanimpotoanan'ny ririnina, na izany na tsy izany, tsy ny hatsiaka loatra no tena mampirongatra ity valanaretina ity, porofon'izany, ireo toerana mafana eto amintsika toy ny any Diana, Boeny, sy ny sisa… dia mbola ahitana izany valanaretina izany hatramin'izao. Mila mailo hatrany arak'izany ny rehetra amin'ny fanarahana ny fepetra ara-pahasalamana, ary ho an'ny fanjakana, aiza ho aiza ny mety ho fanafarana vaksiny fiarovana, satria efa misy izany ? Iaraha-nahita fa tsy tena nahomby ny CVO-ny filoha, ny vidiny aza ankehitriny dia efa tafidina hatramin'ny 300 Ar, ary tsy ny rehetra no nampiasa azy na maro dia maro aza ny dokam-barotra natao taminy. Momba ity valanaretina ity, samy mitsipaka ny hiverenan'ny fihibohana ny maro, iaraha-mahalala ny vokatr'izany teo amin'ny tsirairay satria tena niteraka fahasahiranana, ny fitondrana nitondra fanampiana ihany, saingy tsy nahazo izany ny rehetra, nisy ny fanavahana ireo olona nahazo tohana nenti-niady tamin'ny covid19 io. Tsy ho zaka intsony arak'izany raha mety mbola hisy indray izay fihibohana izay.

**Isambilo**

Antenimierandoholona

# Nankasitraka ny filoha Rivo Rakotovao ireo mpiasa

Niarahaba ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Rivo Rakotovao, nahatratra ny taona vaovao 2021 ireo mpiasa eo anivon'ity andrimpanjakàna ity, izay notarihin'ny lehiben'ny fitantanan-draharaha sy sampan-draharaha ao anivon'ny Antenimierandoholona, Ramatoa ROBLINE, Sekretera Jeneralin'ny Andrimpanjakana, nisolo tena ny mpiasa ny alatsinainy. Nisaotra sy nankasitraka ny filoha Rivo Rakotovao ity farany amin'ny anaran'ny mpiasa rehetra, noho ny fiahiana azy ireo sy ny fiarovana ny Andrimpanjakana. Ny Filohan'ny Antenimierandoholona, Rivo RAKOTOVAO kosa dia nanambara, fa manana ny anjara toerana lehibe tokoa ny Antenimierandoholona , ka rariny tokoa raha miady hatrany ny hampiakatra ny voninahitr'ity Andrimpanjakana ity, na eo amin'ny amin'ny lafiny asa na fitantanana, fa indrindra ireo olona rehetra izay mandrafitra ny Andrimpanjakana. Ilaina hoy izy ny fiaraha-mientana sy ny firaisankinan' ny tsirairay, mba hisian'ny fahombiazana sy ahatrarana ny tanjona amin' ny asa izay atao ary tokony hatsaraina hatrany hatrany ny fomba fiasa, mba hanandratana avo ny hasin'ny Andrimpanjakana.
Mahakasika ireo senateran'i Madagasikara, anio no hamoaka ny vokatra ofisialin'ny fifidianana loholona farany teo, izay nataon'ireo mpifidy vaventy ny HCC, ho fantatra anio arak'izany ireo senatera vaovao voafidy miisa 12, ao aorian'izay no hanendry ireo loholon'i Madagasikara miisa 6 anjarany ny filoha Andry Rajoelina. Mpiara-dia amin' ny fitondrana avokoa no ho ao amin'ity andrimpanjakana ity hanomboka eto. Handidy dia homana noho izany ny mpitondra satria manana ny maro an'isa eny Tsimbazaza sy etsy Anosikely. Tsy hitondra fampandrosoana loatra anefa ny tari-tokana!

**Helisoa**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Mitsoka ny rivo-panovana
# Niova fo ny SEFAFI

Niala ny vorodamba nanentsina ny vavan'ny Sefafi: Sehatra Fanarahamaso ny Fiainam-pirenena, satria niloa-bava indray ry zareo rehefa nangina nandritra ny fotoana lavalava.
Tsiahivina fa nandritra ny fotoana nitondran'ny Filoha Rajaonarimampianina dia nanan-ko lazaina hatrany ny Sefafi, nitsikera ny fitondrana. Vao tonga teo amin'ny fitondrana anefa ny filoha ankehitriny dia azo lazaina ho tsy nandrenesam-peo matetika intsony ny Sefafi, na dia hita mibaribary aza fa betsaka lavitra noho ny tamin'ny fitondrana Hvm ny tsy fanarahandalàna sy ny fanaparam-pahefana ataon'ny mpitondra amin'izao fotoana izao. Tsy mahagaga izany, satria ny Sefafi anie dia ireo efa tao amin'ny "Justice et Paix", izay nanana andraikitra be dia be tamin'ny fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009, misy ireo lohandohany tao, mahazo toerana ao amin'ny fitondrana ankehitriny toy ny Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), izay efa filoha tamin'ny fitondrana Hvm, koa tsy nahataitra raha ninia nikimpy nanoloana ny hosoka tamin'ny fifidianana filohampirenena tamin'ny 2018, ary niala ilany tamin'ilay fomba fiteny diso hain'ny malagasy manao hoe:"azo raisina fa tsy mitombina", sy nahasahy niredirediy tamin'ny fotoana namoahana ny voka-pifidianana. Tsy izy ihany, fa ao koa i Ramatoa Filohan'ny Csi: Filankevitra ambony momba ny fahamendrehana, na " Conseil Supérieur de l'Integrité ", ilay Ramatoa tompon'ny vava fahiny, kanefa dia toa nizaitra ny molony, satria efa ry Rajoelina no mitondra.
Tampoka teo anefa dia namoaka feo ry Sefafi, nitsikera ny fomba nitantanan'ny mpitondra ny fifehezana ny koronaviriosy, tamin'ny faramparan'ny taona teo, nambaran'ny Sefafi, fa tsy nisy ny mangarahara tamin'ny nampiasana ireo fanampiana avy any amin'ny sehatra iraisampirenena, ary tsy ara-dalàna ny fampiharana ny hamehana ara-pahasalamana, fa miendrika ho fanapenam-bava sy fanitsakitsahana ny demokrasia.
Marina daholo ny nambaran'ny Sefafi, na dia tratra aoriana aza ny nitenenany azy, kanefa tsy maninona satria manamarina ny efa nambaran'ny rehetra teo aloha avokoa izay voalazan'izy ireo, efa mitsoka ny rivotry ny fanovana ankehitriny: "wind of change", hoy ilay hira malaza izay, nalaza hatramin'ny taona 1989 tany.
Fa maro ireo mifanontany hoe: fa azon'inona no niloabava tampoka ireto Sefafi ? dia samy manombatombana ny valiny eo ny tsirairay, misy ireo milaza fa tsinjon'ny Sefafi fa hitsoka tsy ho ela ny rivo-panovana eto amin'ny firenena, efa ho rendrika ny sambo, ka tsy te ho tratra farany ny Sefafi , ao indray no manitrikitrika ny hoe: efa miady an-trano ny Sefafi, sady tsy te-hitaingina soavaly maty koa, fa tsy ferana koa ny fisian'ireo manambara, fa rehefa nandinika lalina ny fizotran'ny raharahampirenena ny Sefafi dia vonona ny hiova fo amin'izay.
Tsetsatsetsa tsy aritra tsy maintsy nambara avokoa ireo, sady hevitra nivoaka teny rehetra teny, fa ny irariana dia hizotra amin' ny lalana mifanaraka amin'ny fanambarana nataony tamin'ny faran'ny taona ny Sefafi, satria efa voaporofo fa nitondra tany amin'ny kizo "iny lalana iny", ka hiray feno sy hanambatra ny hery amin'ireo fikambanana maro , izay efa samy nanambara fa feno hosoka ny fifidianana nanomboka tamin'ny taona 2018 ka hatramin'izao, ary samy nanamafy fa tena nilaza ny marina tokoa Andriamatoa Thierry Rakotonarivo.

***Ny Valosoa***

Asaramanitry ny AREMA

# Tsy nanadino ny filoha mpanorina, ny Amiraly Ratsiraka, ny mpitantana

Fifampiharahabana nahatratra ny taona nataon'ny Mpitantana Arema sy ny Filankevitry ny Olonkedry, tamin'ny filoha Mpanorina ny antoko, ny Amiraly Didier Ratsiraka. Nampahatsiahivina tamin'io fotoana io fa ny antoko izay hankalaza ny faha-45 taonany amin'ity taona ity dia manana ny maha izy azy ary nahavita teto amin'ny tany sy ny Firenena. Isan'ny sehatra nahitana zava-baventy ny teo amin'ny fanabeazana : Oniversite 1 isaky ny Faritany, sekoly ambaratonga faharoa 1 isaky ny Fivondronana, CEG 1 isaky ny Firaisana, EPP 1 isam-pokontany. Notanisaina ihany koa ny fampianarana arak'asa vitsivitsy toy ny INSCAE, INTH, ENI, Ny Academie Ny Antsika, sekolin'ny baolina kitra voalohany tao Antsirabe, izay nipoiran'i Faneva sy Carolus… sy ireo tetikasa samihafa tany atsimo, izay nahitana ny Hopitaly sinoa voalohany talohan'i Mahitsy sy Vatomandry, sy ny fantson-drano an'arivony kilometatra, ny fitaterana rano avy any Mandrare, ny lavadrano ary ny impluvium. Ny olana hoy izy dia ny tsy fisian'ny fitohizany sy ny fikojakojana izay vita. Raha notazonina sy nokojakojaina ny tohadranon'Andekaleka, Sahamadio ary Namorona araky ny nokasaina hatao dia tsy nanana olana jiro sy rano isika ankehitriny. Androany, ny orinasa vahiny no hanao ny asa ary omen-tsika vola hofan-jiro. Nirary ny soa sy ny tsara ho an'ny rehetra ny Filoha mpanorina ary nanafatrafatra amin'ny fitandremana ara-pahasalamana.

***Stefa***



*Ireo mpitantana ny antoko AREMA, niarahaba ny Amiraly Didier Ratsiraka noho ny Asaramanitra.*

Koto Ralavason

# Maneho ny tsy fahombiazan'ny ministra Lalatiana sy ny ekipany

Olom-pirenena mpanaraka ny raharaham-pirenena any Antsirabe, faritra Vakinankaratra i Koto Ralavason, maneho ireo tsy fahombiazan'ny ministra Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy, sy ny ekipany izy. Milaza ity ministra ity fa nanao izay hamerenana ny vakoka. Fa angaha tsy ny filoha Rajoelina sy Macron indray no niresaka hoy izy? Fa angaha ny ministera nanana tetibolat tao anaty lalànan'ny tetibolam-panjakana (LFR), no ho afaka nanao lavanty, na vente aux enchères ?
Voalaza fa mikarakara Rova maro izy ireo. Manjakamiadana dia ny fiadidiana ny Repoblika no tena nanao izany. Ary ahoana koa ny momba ireo Rova maro hafa eto amin'ny Nosy? Namboarina toa ny Rovan'i Manjakamiadana ve izy ireny?
Momba ny fanohanana tanora manan-talenta. Iza avy izany hoy ny fanambarana dia inona ilay fanohanana?
Momba ny fankasitrahana sy fanomezana mari-boninahitra, tsy asa be izany, satria ireo minisitra rehetra dia manao an'izany avokoa misolo-tena ny filoham-pirenena.
Momba ny ady amin'ny piraty, raha mandehana midina eny Analakely dia mbola misy ireo mivarotra films malagasy piraty eny.
Ny fanaovana tagnamaro dia tsy nampiova akory ny fahadiovana eny rehetra eny, fa toa fanandevozana ny mpiasa no nisy sy misy.
Mahakasika ny lalàna mifehy ny asa fanaovan-gazety. Ilaozan-dRamtoa ministra sy ny ekipany miady amin'ny biraon'ny holafitry ny mpanao gazety fotsiny.
Ny momba ireo voalaza fa ivotoeram-baovao manerana ny Nosy, tsy mbola nahare an'izany ny teknako hoy izy, fa ny antoko Freedom aloha no hita miezaka manangana sampana dia ny mpitantana TVM sy RNM eny amin'ny distrika no manangana sy mitarika izany.
Ny momba ny fampitaovana ny RNM sy TVM mba hanaraka teknolojia vaovao, toa tsy hita izay miova, fa ny sary aza lasa vao mainka rah any aty Antsirabe.
Ny mahakasika ny fanaganana ilay IVOTORO, voalaza fa hanamorana ny fanaovana taratasy, raha miantso ilay laharana zara raha misy mandray. Betsaka no mitaraina fa tsy ampy ny crédit 5000 Ar raha hiantso ao satria tsy misy mandray akory.
Ny hoe nanampy ireo ankizy tamin'ny fanadinampanjakana, izay fisalorana sy fitsabhana ny asan'ny minisitera hafa izay aloha dia tena hainy, nanomboka tany amin'ny fahasalamana io. Aza adino fa mbola niezaka nisalotra ny asan'i Pr Vololontiana ihany ny ministra Lalatiana, ny farany anefa tsy nisy nijery intsony ny resaka Corona tao amin'ny TVM, izay vao nakisaka tsikelikely ity ministra ity.
Raha akapoka arak'izany izay voalaza, tsy hita izay tena nataon'ny ministra Lalatiana sy ny ekipany fa ny fisehoasehoana ivelany fotsiny no betsaka.



*Koto Ralavason, mpanaraka ny raharaham-pirenena.*

***Niaina***

## TONONKALO

# KABARY TSY HIHINANAN-KANINA

Ny kabary izay natao dia mbola manamafy indray
Fa tena tranon-dainga hatrany ny mpitondra any aminay,
Satria dia mbola nohamafisiny ny amin`ny tramway,
(Ilay efa teny ambony sambo , folo taona lasa izay !)

Tsy misy zavatra mivaingana fa dia rediredy hatrany.
Toa mametraka ny gasy ho badobe sy tena ambany !
Hany ka mitohy ny lainga fa tsy misy fiafarany .
(Tena hoe volan-kankafotra ka dia ny omaly ihany !)

Vokany : tsy mety resy fa mitohy ny fahantrana.
Mihamisingo-borodamba ny olo-maro eto an-tanàna.
Building tsy ilainy sy tsy takatry ny volany,
No dradraina sy ambara fa ho tena vahaolany !

Tosika fameno izao no tena mbola andrandraina,
Saingy hatreto dia tsy misy ka dia reraka ny saina.
Hiandry aretina miverina, hiandry indray ny fihibohana,
Any angamba vao hahazo ilay atao hoe vatsy tohana !

…Fa hatreto dia kabary miampy fampandriana adrisa
No entina mba hamahanana ireo vahoaka an-tapitrisa,
Ka tsy diso ny olobe nilaza tsotra am-pahendrena
Hoe : "Toy ny zaza folo taona no mitondra firenena !"

***TSIMIMALO (06-01-21)***

**Ho fanomanana ny 12 janoary**

# Maneho firaisankina ireo manamboninahitra ao Antsirabe

Ho fanomanana ny 12 janoary, maneho firaisankina ireo manamboninahitra ao Antsirabe, faritra Vakinankaratra. Ho fanomanana sahady izay fankalazana ny andron'ny manamboninahitra izay dia manao hetsika ara-pirahalahiana ireo mpirahalahy sy mpianadahy ao anatin'ny foloalindahy any Antsirabe. Hita tonga nanotrona ny fihaonana ny ACMIL, na ny Akademia Miaramila, izay nampiantrano ny hetsika. Tao koa ny ENSOA, ny ZANDARIMARIA, nahitana ny manamboninahitra rehetra ao amin'ny Etamazaoron'ny Vondrontobim-pileovan'ny Zandarimaria Vakinankaratra. Koa satria iray ihany ny mpitandro filaminana dia tsy hadino koa ny nanasa ireo rahavavy manam-boninahitra avy ao amin'ny POLISIM-PIRENENA (DRSP, ENIAP). Hatrizay nanaovana hetsika izay dia sambany no nanaovana fankalazana miavaka izay nahitana izao fihetsika feno firahalahiana izao ary mampiseho fahavononana sy firaisankina, fa iray hatrany ny foloalindahy sy ny Polisim-pirenena any an-toerana. Lalao ara-pirahalahiana no natao, taorian'ny rassemblement dia nisy ireo taranja fitaizana vatana.

Tournoi hatramin'ny 12 Janoary 2021:

-Baolina kitra Football

-Basketball

-Volley-ball.

Izay andraisan'ireo mpianatra ho manam-boninahitra andiany faha-42 sy faha-43 ny ACMIL, ny ZANDARIMARIA, ENSOA, POLICE ary ny ACMIL mampiantrano, anjara.

Arbitres na mpitsara federaly sivily lahy sy vavy no nalaina hitsara ny lalao rehetra.



*Ny fanokafana ny hetsika mahakasika ny andron'ny manamboninahitra tany Antsirabe.*

**Aly**

## Mazotoa mihira

*Misy ny tafasaraka amin'izao taom-baovao izao, hira mahakasika izany no atolotra anao androany. Taombaovaon'ny tafasaraka, hiran'ny tarika Fanjandranomasina, nalaza tamin'izany fotoana izany, koa dia mazotoa mihira ary !*

### Taombaovaon'ny tafasaraka
### Mpihira : Fanjandranomasina

Izao maraina izao ny taratasinao
Mirary taombaovao mamy
Lavitra ianao ka ny soratrao
No manolotra izany

Fanja, na tsy ho eo imasoko aza irony endrikao
Fanja , ho ataoko fahasambarana anie ny taratasinao

Ireo ny zanantsika faly misariaka
Miantso ny anaranao
Izaho kosa iky, miezaka mitsiky
Manoroka ny sarinao

Fanja, na tsy ho eo imasoko aza irony endrikao
Fanja , ho ataoko fahasambarana anie ny taratasinao

Mivavaka izahay ho anao malalanay
F'izao taombaovao izao
Ho to ny faniriana ho sambatra ho zina
Ho tody soa aman-tsara ianao

Fanja, na tsy ho eo imasoko aza irony endrikao
Fanja, ho ataoko fahasambarana anie ny taratasinao




## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy ravimboatavo na henakisoa sy ravina tsirebika** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao aandroany. Atao ketsaketsa izany, na atao ridritra koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fanalana tavy tao aorian'ny fety

Tapitra izay ny fety, fomba fanalana tao aorian'ny fety:

- Manadio taova sy mandoro tavy amin'ny kafe:

- Zava-pisotro iray be mpankafy ny kafe. Ankoatra ny fisotroana azy amin'izao isa-maraina na atoandro na hariva dia fantaro fa afaka ampiasaina amin'ny fanalana ireo tavitavy tavela amin'ny vatana noho ny fihinanana sakafo matsiro izy ireny.

- Zavatra ilaina:

• Kafe mafana 25 cl

• ranona voasarimakirana 1/2

• Vovoka sakamalaho 1 sotro kely,

• Rano matimaty 1 tasy.

Fikarakarana azy:

Atao anaty « carafe » ny akora rehetra ary afangaro tsara amin'ny sotro.

Sotroina eo noho eo.

Tombony, zava-pisotro « détox », na manala ireo loto tavela tany anaty vatana izy io. Manampy betsaka ireo te-hampihena vatana ihany koa.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambatoriha, any amin'ny distrikan'i Bealanana, faritra Sofia

Ny tanànan'Ambatoriha, any amin'ny distrikan'I Bealanana, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambatoriha ity tanàna ity. Tanàna avo toerana izy satria 1128 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Tsimihety ny ankamaroan'ny mponina any, na izany aza, hita any avokoa ireo foko misy eto Madagasikara. Anisan'ny sompitra ara-bary any amin'ny faritra Sofia Ambatoriha.






## NY TENY FIAINANA

*"Izay mamonjy ny ainy no hamery azy; ary izay mamery ny ainy noho ny amiko dia hahazo azy."*
***Matio 10:39***

## TAFATAFA


### Jeneraly Garaba

# Natao ankilabao ny tontolo ambanivohitra sy ny fampandrosoana tena izy

***Tafaresaka tamin-dRamiandrisoa Andriahaja Erico, na jeneraly Garaba, mpanaraka ny fiainam-pirenena ny gazety Ny Valosoa Vaovao, maha-kasika ny raharaham-pirenena ankehitriny, dinidinika :***

**-Gazety Ny Valosoa Vaovao (GNVV) :** ahoana ny fahitana ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana?

**-Jeneraly Garaba (JG):** izao taona vaovao izao dia betsaka ny nanantena fa hisy ny fijery vaovao raha nikabary Andriamatoa Filoha Andry Rajoelina. Kanefa dia maro ireo somary diso fanantenana satria tahaka ny fampanantenana mahazatra ihany no niverina, misy mihitsy no niteny hoe lany hapoaka ve sa tsy misy ho lazaina entina hampandrosoana amin'ny fampandrosoana tena izy ve ny fitondrana ?



*Jeneraly Garaba, mpanaraka ny raharaham-pirenena.*

**-GNVV:** inona no antony ilazanao an'izany?

**-JG:** raha isika miteny izao dia efa midangana any amin'ny tsy ho takatra intsony ny fiakaran'ny vidim-pianana andavanandro (PPN). Nefa dia toa nanjavozavo izany tao anaty kabarin'ny Filoha. Ny foto-drafitrasa raitra, na hoe manara-penitra tsy ratsy, fa saingy tokony ho ny politikan'ny kibo no jerena mialoha lehiretsy fa efa tena reraka tsy misakafo ny vahoaka, amin'izao dia tsy ny any Atsimo intsony no kere fa efa manerana ny Nosy, fa ny filaza azy no samy hafa sy ny fisehony.

**-GNVV:** inona no heverinao ho vaha olana amin'izao fahasahiranana lalina misy eto amin'ny firenena izao?

**-JG:** tokony hanana fijery vaovao ny mpitondra amin'izao taona vaovao izao, mba hisian'ny tena fampandrosoana marina tena izy. Raha ombieny ombieny isika miteny hoe ny 90% ny Malagasy dia tantsaha, inona no olana tsy hijerena ny tontolo ambanivohitra? Tsy ratsy hoy aho ireny fampanantenana ireny, fa mampidibola kosa sy mampiasa vola aloha, izay vao mandany vola. Raha ny laharana misy antsika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia somary mahamenatra ihany raha toa ka mba hiakatra any alohaloha ny tanjona tany amin'ny voalohany nitondrana nefa lasa mihemotra hatrany ankehitriny, fa saingy mbola azo arenina anefa izany raha manana an'ilay fini-avana politika isika. Efa nisy ezaka ihany tamin'ny voalaza fa fanangana orinasa 42 ary mamporisika izahay amin'ny hitohizan' izany, fa mba tokony kosa orinasa mamaly ny filan'ny rehetra no tokony himasoantsika satria betsaka ihany ny gaga sy talanjona raha naheno ny fitsanganan'izany orin'asa izany noho izy tsy miantraika any aminy ny zavatra vokariny.

**-GNVV:** inona tokoa ary ireo sosokevitra sy paikady ho amin'ny fampandrosoam-pirenena izay?

**-JG:** tsy sarotra ny mampandroso an'i Madagasikara raha vonona ny handroso ka hiroso marina isika: averina ihany, foano any io MID, Marché Interbancaire de Devises io. Jereo ny tontolo any ambanivohitra, fa any no tena iankinan'ny toekarenan-tsika Malagasy, ampio ara-pitaovana sy masom-boly ... sy ny sisa ireo tantsaha hahafahany mamokatra, mba hahatratraran-tsika ny fahaleovantena aratsakafo nandrandrandraina taloha ireny. Alefaso any ambanivohitra hanampy ireo tantsaha ny techniciens agricoles be dia be ireo. Amboaro ny tohandrano, sy ny sisa.. Amboaro ny lalana any ankodahoda rehetra any hivoahan'ny vokatra, fa tsy maha maika izany autoroute izany. Tohizo ny fananganana orinasa hamokatra ny filan'ny vahoaka Malagasy aloha. Mahaiza mijery sy mahafantatra ny maharary ny vahoakanao fa aza hodiana tsy fantatra. Tandrovy tahaka ny anakandriamaso ny Stabilité politique. Mahaiza mihaino ny hafa.

***Isambilo***

## facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Trafikana volamena 73,5 kg, misy tsikombakomba avo lenta



**Velo Ghislain Arsene :** tsy nanome taratasy ny ministera, milaza tsy mahafantatra ny Douane. Iza zany sisa? PAF, ACM?

**Aina Christian Rakotomanga :** mifanipitsipy ao e! ny dikany misy tsikombakomba avo lenta ao !

**Florian Michel Rakoto :** ACM efa nilaza fa tsy mila mangataka autorisation...

**Velo Ghislain Arsene :** Florian Michel Rakoto : ah bon? Afaka manidina foana ny avion zany? Tsy mila autorisation?

**Njara Andrianiaina :** Florian Michel Rakoto : serieux ve? Koa tsy ho efa tafavoaka daholo ve zany ny sokatra eto lait?!

**Harimalala Tiana Andrianantoandro :** ASECNA koa aloha anontanio ihany.

**Rivonala Razafison :** Paf paf.

**Roel Lelaka :** ny douane milaza fa tsy tao @aeroport t@zany fotoana, hihihiiii!

**Velo Ghislain Arsene :** Roel Lelaka : mahagaga ihany.

**Sambitanako Jean Chrisostome :** METY NY MPANOHITRA NDRAY ANGAMBANY NANAO IZANY, HIHIHIIIIIII!

**Huguen Ida :** mavesatra bé anie oa zany 73 kg zany e ... Raha manao musculation ka manao deadlift 70 kg efa fotsy dignitry an-davatay ... Comment est-ce possible de porter 73 kg en sac sa magie. Misy revy tsy milamina quelques parts ao e !...

**Velo Ghislain Arsene :** Huguen Ida : mbola mavesatra noho izaho ilay entana.

**Huguen Ida :** Velo Ghislain Arsene : hahahaha ianao zany mety zakako @ fomba mora de mora.

**Leda Yafa :** ary efa an zalah anie zan le aéroport ko na mande aza ry zareo tsy misy miteny.

**Miora Razafindramanitra :** ahoana tsara Ilay resaka camera teo oziz ilay olondehibe?

**Velo Ghislain Arsene :** Miora Razafindramanitra : toa hoe maty sa akory?

**Miora Razafindramanitra :** Velo Ghislain Arsene : iza namono azy hono? Sa tapaka ny jiro ve? Tsy Azoko tsara mantsy.

**Rahagalala Ny Aina :** jamba hono Ilay Paf niasa tamin'io. Sangisangy izany fa sao voantso eo.

**Trice Randrianarivo :** ny any Sud-Af mbola manao enquête, zalahy efa mahavita arrestation, mafy an!

**Feno Harison :** omby ve hifanaikitra eh ?

**Zo Mahefa Randriamampianina :** bonnes questions !

**Eddy Andrianasolo :** miakatra ambonimbony ihany io ka!

**Riaz Michel :** ARY ILAY AVION PRIVÉ NAKA AZY TETO, AN'IZA ?

**Tiana Noë :** tokony miala daholo ry zalahy zany.

**Stephanie Franker Doudà Rakotomanga :** miserana hoy ny Tarika Nijla.

**Sedra Razafindranaivo :** tsy mbô za, marina mafy io ra mbô za!

**Tood Aostirah :** DIA SANATRIA VE KA NY MPANOHITRA INDRAY, HIHIHIIIII!

**Domoina Rasamoelson :** sa nivoaka ho azy ny entana ?

**Florian Michel Rakoto :** nanaraka lalan'ny sakafo angamba!

**Marcel Razafimahatratra :** avy ianao 'zay! Mankany mankany io.

**Onisoa Brittany :** surtout bagage à main izany tokony handalo eo @ilay fitaovana maneno e, lainga be daholo ny sisa, mba efa nanofa avion privé zahay ao anatin ny procédure izany.

**Rhasa Dianne :** resaka ka atao.

**Kona Ratsirahonana :** raha tsy nahazo baiko avy any Ambotsirohitra?!

**Alfred Rasendra :** vol commercial no nandehanany matoa nisy escale tao Sudaf . Tompon'andraikitra na ny polices des frontières na ny douane. Efa nahazo baiko ry zareo matoa valises 3 bagages à mains tafavoaka ho azy .

**Onisoa Brittany :** izay aloha dia marina e!

**Alfred Rasendra :** mety ho impliqué ao i Rajoelina sy Ravatomanga.

73 kgs d'or c'est énorme.

Aucun trafiquant quelqu'il soit n'osera jamais prendre un tel risque c'est à dire transporter 3 valises d'or par bagages à mains s'ils n'ont pas des personnes hauts placés qui les protègent. Tsikombakomba avo lenta io.

**Soniah Soniah :** mba iza ara zany sôferana rôplanina mahita lalana manivaka zany e? sinon, otran'izao zavamisy zao ngamba miaina anatin'ireny dessin animés ireny. zavatra tsy mitombina mitsy nefa de aseho am télé ?

ENS Ampefiloha

## Nirefotra ny lakrimôzena, nisy rà latsaka sy mpianatra voasambotra



*Ny hetsiky ny mpianatry ny ENS tetsy Ampefiloha.*

Nirefotra ny lakrimôzena, nisy ny rà latsaka sy mpianatra voasambotra. Nitohana tanteraka ny fiara avy any amin'ny 67 Ha hihazo an'Ampefiloha ny marainan'ny omaly alarobia ary nihitsoka tahaka an'izany ihany koa ny fifamoivoizana avy any Anosy hihazo ny Compelexe Ampefiloha. Nitokona sy nipetraka teo ampovoan'ny araben'ny Garazy Ampefiloha ireo mpianatry ny sekoly Ens (Ecole Normale Supérieure), mba ho fanairana ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Ministeran'ny Fanabeazampirenena mikasika ny fampidirana an'ireto farany hiasa eo anivon'ny Ministera. Tsy niandry ela ny mpitandro filaminana, fa avy hatrany dia niatrana teny an-toerana ary taorianan'ny tsy fisian'ny fifampidinihana teo amin' ny solontenan'ny mpianatra dia nandefa sy nanapoaka baomba mandatsa-dranomaso izy ireo, mba hahafahana nanaparitaka an'ireo mpianatra tokony ho tamin'ny 10 ora sy 10 minitra maraina. Nitsoaka sy niditra tao anatin'ny fefin'ny sekoly ENS Ampefiloha ny ankabeazan'ny mpianatra ary nisy andiana mpianatra vitsivitsy, miisa 8 voasambotra tao anatin'izany rehetra izany. Naneho hevitra ny solontenan'ny mpianatra, fa tsy nankasitraka ny fihetsiky ny mpitandro filaminana manoloana ny fitokonana am-pilaminana izay nataon'izy ireo. Nanohy fanazavana ity solontenan'ny mpianatra ity, fa niandry am-pilaminana ny solontenan'ny Ministeran'ny Fanabeazana ireto farany, mba hifampiaraharaha mikasika ny famahana ny hetahetany, ao anatin'izany ny fampidirana an'ireto mpianatra ireto hiasa eo anivon'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena. Nanamafy ny solontenan'ny mpianatra, fa nampirehitra ny fahatezerany ny nandefasana baomba mandatsadranomaso sy ny fandratrana, nandatsa-drà, ny naman'izy ireo, izay nanatanteraka fitokonana am-pilaminana, tsy nahitana fikasihan-tanana olona na mpitandro filaminana, sy tsy nahitana fandrobana entana. Namarana ny fanehoan-keviny ireto mpianatry ny Ens ireto, fa tsy misy mihaino ireto farany na dia efa nisy ny fifanarahana niarahana tamin' ny Ministeran'ny Fanabeazana amin'ny famahana ny fitakian'izy ireo. Marihina fa mampiofana an'ireo mpianatra ho mpanabe, sy ny mpandraharaha ary ireo olona miantsehatra amin'ny fanjakana ny Ens kanefa dia mbola ataon'ny fitondrampanjakana an-kilabao toy izao ihany, hoy ny solontenany, noho izany mitaky « Recrutement Systématique » toy ny teo aloha, ho an'ny mpianatra rehetra ireto farany.

***Franck Razakambelo***

Ekipam-pirenena baolina kitra zokiny

## Hanao tolo-tanana ho famerenana an'Itompokolahy Gôly Be an-tanindrazana


*Ny sasany amin'ireo mpikambana amin'ny fikambanan'ny ekipam-pirenena malagasy zokiny teo aloha.*

Vola mitentina 8000 Euros no tadiavin'ny Fikambanan'ny ekipam-pirenena Baolina kitra tranainy, mba hahafahana mamerina ny vata-mangatsiakan' Itompokolahy Ferdinand na i « Gôly» be eto Madagasikara alohan'ny 15 Jano-ary 2021 ho avy izao. Mba hahafahana manatratra an'izany dia hanatanteraka tolo-tanana ny fikambanan'ny ekipam-pirenena baolina kitra zokiny, izay hatao etsy amin' ny Tsangambaton'i Jean Ralaimongo etsy Analakely, ny Zoma 9 Janoary 2021 hatramin'ny sabotsy 10 Janoary 2021 ho avy izao. Nilaza i Menakely, izay filohan'ity Fikambanana ity, fa tsy ampy ny hoenti-manana ho an'ny fianakaviana, mba hahafahana mamerina ny razana eto Madagasikara noho izany nanapa-kevitra ireo mpilalao baolina kitra tranainy, fa hanao ny fomba rehetra hamerenana an' Itompokolahy Ferdinand eto Madagasikara. Nanohy fanazavana i Menakely, fa mitentina 280 Euros ny vola voaangon'izy ireo hatramin'izao ary mbola ao anatin'ny fandaminana ireo mpikambana, mba hahafahana mampahafantatra ny laharana antariby han- defasana ny vola fanampiana amin'ny anaran'ny fikambanana ihany. Tsiahivina fa mpiandry tsatobin'ny ekipampirenena Malagasin'ny baolina teo aloha i Ferdinand ary nindaosin'ny fahafatesana tany Bordeaux Frantsa ity farany, ny 30 desambra 2020 lasa teo, izay no antony hanaovan'ny fikambanan' ny ekipam-pirenena baolina kitra zokiny fanentanana ho fanampiana amin'ny famerenana ny razana eto Madagasikara ary halevina any amin'ny fasan-drazany any amin' ny Distrikan' i Mandritsara faritra Sofia, raha sitrapon'i Jehovah Tompo.

***Franck Razakambelo***

Berenty Soamanga Ampanihy

## Miriaria any sahady ireo mpangalatra miisa 3, ka manahy ny mponina

Miriaria any Berenty, kaominina Soamanga, distrikan'Ampanihy Andrefana, faritra Atsimo Andrefana sahady ireo mpangalatra miisa telo (03) tratra ambodiomby, ka mampanahy ny mponina any an-toerana. Ny volana septambra 2020 lasa teo no very tao Berenty Kaominina Soamanga ny ombin' i Fihavana miisa sivy (09). Noho ny fampitam-baovao nataon'olona tsotra dia hita tao Andranosaraky, Kaominina Navoha, Distrikan'Ampanihy ireo omby miisa sivy (09) ireo. Tratra ambodiomby ny mpangalatra telo lahy ary ny namany telo lahy hafa no mbola karohina. Nentina teo anivon'ny Dinabe sy ny mpitandro filaminana ny raharaha. Tao anatin'ny fanadihadihana nataon'ny mpitandro filaminana no nahaizana, fa olona tao Berenty ihany no nanome "renseignement" nahafahan'ireto malaso nangalatra ny omby. Efa natolotra ny Fitsarana izy telo lahy ny volana desambra 2020 teo, saingy matahotra ny mponina satria miriaria eny an-toerana sahady izy ireo amin'izao fotoana izao. Tsy vao izao no natolotra ny Fitsarana ireto olona ireto, fa saingy votsotra toy izao foana, ka mampitebiteby ny mponina any an-toerana. Miantso ny mpitondra fanjakana arak'izany hijery akaiky ny toe-draharaha.

***Mirana Razafiarisoa***

Zandarimariam-pirenena

## Zandary miisa 13 no maty amperinasa tamin'ny taona 2020

Zandary miisa 9 no maty am-perinasa ary zandary miisa 4 no matin'ny valanaretina Coronavirus, raha toa ka 521 no mararin'ny aretina nandritra ny taona 2020 lasa teo. Io no nisongadina nandritra ny tatitra nataon'ny Jeneraly Ravalomanana Richard Sekreterampanjakana misahana ny Zandarimariam-pirenena, mahakasika ny asa sy ny vokatra azon'ny fiadidian'ny Zandarimaria nandritra ny taona 2020 lasa teo, tao anatin'ny lanonana fiarahabana tratran'ny taona, izay notanterahina tetsy amin'ny Toby Richard Ratsimandrava Andrefanambohijanahary afak'omaly. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa dahalo mpangalatra omby miisa 1046 no voasambotra , omby miisa 16965 no tafaverina amin'ny tompony, mpanadio omby miisa 156 no voasambotra ao anatin'izany: "Chef d'arrondisement Admnistratif" miisa 13, mpimasy mpamatsy ody ny dahalo miisa 32 no voasambotra. Nanohy ny tatitra izy, fa fanafihana mitam-basy miisa 624 no nitranga nandritra ny taona lasa ary fanafihana andalam-be miisa 84, basy miisa 1514 no saron'ny zandary, rongony milanja 15039 Kg no tratra raha toa ka rongony 70 000 kg izany tamin'ny taona 2019. Anisan'ny nanamarika ny taona 2020 hoy ny Sekreterampanjakana misahana ny Zandarimariam-pirenena ny fihenan'ny trangana "Kidnaping", satria tranga iray monja no nisy teto Madagasikara, izay nahavoasambotra olona miisa 8, sy nahafatesana olona iray izay kalazalahy tamin'ny "Operation Kidnaping" teto Madagasikara. Nisongadina nandritra ny taona 2020 ny fihenan'ny fidirana an-tsehatra nataon'ireo Mpanao Politika amin'ny raharaha mahavoasaringotra an'ireo dahalo eny anivon'ny Zandarimariam-pirenena.

***Franck Razakambelo***


*Ny Asaramanitry ny fianakaviamben'ny zandary tetsy Andrefan'Ambohijanahary.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao momba ny lainga marivo tototra hatrany ataon'ny filoha Andry Rajoelina. Misy milaza fa aleo hono hamita mandat izy dia ho hita eo ny zavabitany. Tsy adala ny olona niteny sy nidradradradra hatramin'izay, fa fotodrafirasa hatao takon-kenatra sy hahazoana tombony no mahamaika an-dRajoelina sy ny mpiara-dia aminy, fa raha ny ankoatra izay resabe sy fitaka. Izao miharihary ny vaky bale ny harempirenena namonoany tena sy nandaniany vola amankarena niakarana teo. Volamena 73 kg mahery be izao no tra-tehaka tany Sud Afrika. Direction Dubaï izy io. Kôpy na hoe mahafantatra ianareo, iza no ao ambadik'izany! Dubaï... Kkkkkk,

mba tsy tany @ ireo aéroport efa novidian-dry zalahy ary ilay izy ary tsy ny jet privé an-drizareo t@ ity no navoakany!

Ka raha hiandry mandat @ 2023 ve tsy tapitra ringana ny harena eto Madagasikara raha izany? Very aho ry tanindrazako.

***Romain Rakotonombana***
***Sanfily, Toliara***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**02/01/2021 hatramin'ny 09/01/2021**

- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 /034 19 733 95 /033 51 510 70
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64 /034 84 322 64
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **TSARA** (Andavamamba, route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1111-01-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TRAFIKANA VOLAMENA

# Fantatra ny anaran'ireo nanondrana volamena 73,5kg an-tsokosoko

Resabe hatramin' izao eto amin'ny firenena ilay trafikana volamena mavesadanja ihany, nefa tsy hita ny nivoahany teto amintsika. Tsy nahita izany ny ladoany, ny polisy mpiandry sisintany, ny ministeran'ny harena an-kibon'ny tany,… Ny fahitan'ny maro azy, misy tsikombakomba avo lenta amin'ny mpitondra ambony eto amin'ny firenena, matoa tafavoaka izany harena sarobidy mavesa-danja izany. Ary mety tsy ireo tratra ihany no ambadik'izao raharaha izao, fa misy olona ambony mpaniraka, izay irian'ny maro koa no hahafantarana sy ny hisamborana azy ireo. Ankoatra izany, fantatra amin'izao fotoana ny anaran'ireo nanondrana an-tsokosoko ireo volamena 73,5 kg ireo, ka sarona tao amin'ny seranam-piaramanidina Oliver Tambo tany Johannesburg Afrika Atsimo. Ireo 3 mirahalahy tratra tany Afrika tsimo dia: Zava Herimanana Anjaranantenaina, Francis Déliot Regasy, ary Mahamodo. Ireo tsy afa-niainga taty Madagasikara kosa noho ny vesatr'ireo entana dia Yau Cyrille Iasimanana sy Lala Iandry Nirina Rasamoelina.



*Ny santionan'ireo volamena naondrana an-tsokosoko tratra tany Johannesburg.*

***Aly***

Angôvo

# Misy bateria na vatoaratra "fôpla" amin'ireo mpivarotra vahiny

Araka ny fitarainan'ny mpanjifa, mpampiasa loharanon'angôvo avy amin' ny bateria na vatoaratra, misy "fôpla", na hosoka izy ireny amin' izao foto-ana miparitaka amin'ireo mpivarotra sasany eto amintsika, ka ireo mpivarotra teratany vahiny no manao izany, araka ny vaovao voaray sy ny fanadihadiana izay natao. Sesehany fitaratra ireo vatoaratra, mba hampitombo ny lanjany, 2 herinandro dia samba nefa vidiana aman'hetsiny. Zara raha misy "plaque" ao anatin'ilay bateria. Ny mpivarotra manao izao hosoka izao no tokony ho enjehan'ny mpitondra mafy, fa tsy ny orinasa Malagasy miezaka no simbainy sy hazainy ary potehany.

***Niaina***

Alasora Avaradrano

# Madiva ho vita ny lalana ao Alatsinainy

Manatanteraka fanaovan-dalana, ireo lalana ao amin'ny kaominina amin'izao fotoana ny kaominina Alasora, distrikan'Antananarivo Avaradrano. Madiva hifarana ny fanamboarana ny lalana ao Alatsinainy, maro isika no voaelingelina hoy ny fanambarana avy amin'ny fiadidiana ny tanàna, tarihan'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa, mandritra izao asa fanamboarana izao, ialana tsiny indrindra tompoko hoy izy, fa izay no fandaminana nahafahana nanamboatra io lalana io. Ho vita alohan'ny fotoana nifanarahana tamin'ny orinasa ity lalana ity, ary hisokatra tanteraka amin'io herinandro ho avy io. Izao fanaovana foto-drafitras izao dia ao anatin'ny filamatry ny kaominina: "Alasora iombonana, maha te honina".

***Aly***




*Ny fahavitan'ny lalana any Alatsinainy Alasora.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 332**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0331)

***Mitsivalana***
- Atoandro
- Miray - To (miv)
- Tamy (miv) - Ova
- Boina
- Iva
- Akondro
- Fo - Maria

***Mitsangana***
- Amidy
- Tim - Vao
- Kabaro (miv)
- Aato - OM
- Ny - Anay (miv)
- No (miv) - Dr
- Rova - Ry
- Ota - Soa

### TENY MIFANARAKA N° 332




**Mitsivalana**

**1.** Vaiavy - Vazivazy (teny tokana) **2.** Eo amin'ny tratra (miv) - Tany Masina (BR) **3.** Tsy takatra - Vizana **4.** Areti-mandoza (BL) - Sisiny (Miv) **5.** Soa (BL) - Heno **6.** Vahoaka mpamokatra (miv) **7.** Solfa - Malaky (BL) **8.** Kianteny (miv) - Tapitra (miv) **9.** Karazam-biby - Lamba karana **10.** Hita amin'ny varavarana - Kivy (miv)

**Mitsangana**

**A.** Fafy - Efa tranainy (miv) **B.** Iray Tampo - Fiandohan'ny rotaka **D.** Teny - Rà (miv) **E.** Mpanondro manolotra (miv) - Ao amin'ny Baiboly **F.** Isa omena - Faranteny (miv) **G.** ao amin'ny rano - Litera roa mitovy **H.** Matanjaka - Zava-boarara amin'ny ankapobeny (miv) **I.** Nihafianay **J.** Lasàka - Hatsiaka **K.** Fahitsiany (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0331

**Mitsivalana**

**1.** Fatorana **2.** Fararano (miv) **3.** Lalàna - Ony (miv) **4.** (H)ena - Roa **5.** Sakaiza **6.** Rary (miv) - Rainy (miv) **7.** Dingana **8.** Neny (miv) - Garaz(y) **9.** Anadihiny **10.** Voina - Mamy (miv)

**Mitsangana**

**A** Kelesy **B.** Anaranao **D.** Folaka - Eny **E.** Ana - Nandra (miv) **F.** tanty - Da(ka) **G.** (F)ora - Zinga **H.** Ra - Rangahy **I.** Ario - Miray (miv) **J.** Nana - Anana **K.** (T)afo - Mizara (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fitokonan'ny mpianatry ny ENS tetsy Ampefiloha omaly.
















TOPFLIGHT
près de Ankany fivavahana Fjkm Andravoahangy fivavahana
Inscription ouverte tous les jours du lundi au samedi de 7h à 17h.
Prochaine rentrée : 11 Janvier 2021
Anglais
Français
Italien
Chinois
Espagnol
Informatique

Ecolage 0 Ar
Droit d'inscription pour pack de 2 langues + informatique ou 3 langues : 100.000 Ar
Durée : 3 mois

Infoline : 034 16 683 95